# Andro Fiaraha-Mivavaka sy Fifadian-Kanina

*Tari-dàlana sy Tahirin-kevitra*

## Mizara Ny Hafam-Pitiavana Telo Farany Isika

*Rehefa Mivavaka Ho An'ny Fanamarinana Amin'ny Finoana*

Telovolana fahaefatra 2021

Sabata, 2 Oktobra

Fifohazana
& Fanavaozana

Nomanin'ny
Foiben'ny Fiangonana Advantista Mitandrina Ny Andro Fahafito
ho an'ny Vondron'ny fiangonana sy hampiasain'ny isam-batan'olona
niaraka tamin'ny Komitin'ny Fifohazana sy Fanavaozana.

Nosoratan'i Melody Mason ho an'ny tetik'asa maneran-tany momba ny Andro
Fiaraha-mivavaka sy Fifadian-kanina maneran-tany.

Raha mila fanazavana fanampiny dia tsidiho ny
www.revivalandreformation.org.

# Lohateny

| | |
|---|---|
| Fanasana Hifady Hanina Sy Hivavaka | 4-5 |
| Toro-Marika  Ho An'ny Mpitarika | 5-7 |
| Soso-Kevitra Momba Ny Fandaharana Sabata Maraina | 8 |
| Soso-Kevitra Momba Ny Fandaharana Tolakandro | 9-11 |
| Fotoana Hanombohana | 12-13 |
| Tantara Ho An'ny Ankizy | 14-16 |
| Soso-kevitra Momba Ny Toriteny | 17-24 |
| Fampaherezana sy Fisaintsainana Ataon'ny Mpitarika amin’ny Tolak’andro | 25-29 |
| Taratasy 1 Ho An'ny Vavaka Iraisana: Teboka Hifantohan'ny Vavaka | 30-33 |
| Taratasy 2 Ho An'ny Vavaka Iraisana: Teny Fikasana Mahery Vaika Momba Ny Vavaka | 34-38 |

# Fanasana Hifady Hanina Sy Hivavaka

Raha nisy fotoana teo amin'ny tantara izay tokony hizarana maika ny hafatr'Andriamanitra telo farany momba ny fitiavana an'izao tontolo izao dia ankehitriny izany. Mandalo fotoan-tsarotra ny tontolo misy antsika. Mitombo izaitsizy ny fahaverezan-kevitra ary mitady valiny ny olona. Mamilivily ny sain'ny maro ny fitaka ara-panahy. Ankehitriny, mihoatra noho ny tany aloha, dia fotoana handinihana ny Tenin'Andriamanitra mba hahafahantsika mijoro sy mizara ireo hafatra lehibe iankinan'ny aina momba ny fanantenana sy ny fitiavana hita ao amin'ny Apokalipsy 14. Ity no hafatra lehibe indrindra natao ho entintsika!

Nanoratra i Ellen White manao hoe: "Amin'ny lafiny manokana, ny Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito dia napetraka eto amin'izao tontolo izao ho mpitily sy mpitondra fahazavana. Nankinina tamin'izy ireo ny fampitandremana farany ho an'ity tontolo mihasimba ity. Eo amin'izy ireo no misy hazavana mahafinaritra mamirapiratra avy amin'ny tenin' Andriamanitra. Nomena azy ireo ny asa manan-danja manetriketrika indrindra - ny fanambarana ny hafatry ny anjely voalohany, faharoa ary fahatelo. Tsy misy asa hafa manan-danja kokoa noho izany. Tsy tokony hisy zavatra hafa avela hameno ny sain'izy ireo ”
*(Testimonies for the Church, boky 9, p. 19).*

Fotoana izao hametrahantsika fanontanianta amin'ny tenantsika raha toa ka nanohina ny fiainantsika ny fahatsarana sy ny maha-zava-dehibe ny hafatry ny anjely telo tamin'ny fomba izay nanery antsika hizara ireo hafatra ireo amin'ny hafa. Raha tsy izany, angamba mila mahita ireo hafatra manokana ireo amin'ny fomba fijery vaovao isika.

Ny fahafantarana ny filantsika maika ny hiovan'ny tenantsika manokana, ary ny fahatsapana ny ilantsika mafy dia mafy ny Fanahy Masina mba hahazoantsika mizara ny vaovao mahafaly amin'ny hafa, dia manasa anao izahay hiaraka amin'ny fianakaviam-ben'ny fiangonanay amin'ny andro manokana fiaraha-mivavaka sy fifadian-kanina. Ny lohahevitra ho dinihintsika dia ny "Fizarana ny Hafatra Telo Farany momba ny Fitiavana Rehefa Mivavaka ho an'ny Fahamarinana amin'ny Finoana Isika. ” Ny vavaka ataontsika dia hifantoka amin'ny zavatra ilain'ny fontsika: mivavaka mba hahatakatra ny fahamarinan'ny Baiboly amin'ny fomba vaovao, hampitombo ny finoana amin'ny fotoan-tsarotra ary hahazo ny herin'ny Fanahy Masina hijoroana ho vavolombelona sy hitoriana.

Fa nahoana ity andro fivavahana ity no miaraka amin'ny fifadian-kanina?

Mifady hanina isika satria maniry mafy ny fitahian'Andriamanitra. Rehefa mamaky ny Baiboly isika dia mahita fa ny fifadian-kanina dia tsy safidy. Nomena izany. Ny Matio 6:17 dia tsy milaza hoe: "Raha mifady hanina ianao", fa kosa, “Rehefa mifady hanina ianao.” Raha dinihintsika avokoa ireo fifadian-kanina rehetra ao amin'ny Baiboly, dia hitantsika fa isaky ny nivavaka sy nifady hanina ny olon'Andriamanitra dia niasa tamin'ny fomba mahery vaika ho azy izy ireo Izy - hatramin'ny fanafahana tamin'ny fahavalo tamin'ny ady ka hatramin'ny fanafahana amin'ny fomba mahagaga avy ao am-ponja ary hatramin'ny

firotsahan'ny Fanahy Masina tamin'ny Pentekosta, dia mahita lamina na modely iray isika. Io modely io dia niverimberina nandritra ny tantara kristiana. Ny fifadian-kanina dia ampahany mandrakariva tamin'ny fomba fiainan'ny mpino, toy ny vavaka sy ny fianarana ny Tenon'Andriamanitra. Raha ny marina, ny olona malaza rehetra ao amin'ny Baiboly dia nifady hanina avokoa.

Ambara amintsika fa,

> "Ankehitriny sy mandra-pahatapitry ny fotoana, ny olon'Andriamanitra dia tokony ho matotra kokoa, hifoha bebe kokoa, tsy matoky ny fahendreny, fa ny fahendren' ny Mpitarika azy. Tokony hanokana andro hifadian-kanina sy hivavahana izy ireo. Tsy voatery takiana ny fifadiana tanteraka ny sakafo rehetra, saingy tokony hihinana kely fotsiny amin'ny sakafo tsotra indrindra izy ireo "*(Counsels on Diet and Foods, p. 188, 189, nasiana fanamafisana)*.

Ny fifadian-kanina dia mihoatra noho ny tsy misakafo fotsiny. Ny fifadian-kanina dia fisafidianana ny hanajanona zavatra iray mba hahazoana mivavaka am-piniavana bebe kokoa sy amin'ny fo kokoa ary amin'ny fifantohan'ny fanahy bebe kokoa. Maro no misafidy ny tsy hihinana sakafo, nefa tsy ny olon-drehetra no afaka tsy mihinana sakafo tanteraka, ary tsy ny olona rehetra no mifidy an'io karazana fifadian-kanina io. Tsy maninona izany. Mampirisika anao izahay mba hivavaka sy hangataka amin'Andriamanitra hoe inona no karazana fifadian-kanina tiany hataonao. Mety hisafidy ny hihinana sakafo tsotra kokoa ianao, na mety hisafidy ny hifady tambazotra sosialy, fahitalavitra na fahazarana hafa mandany fotoana. Na inona na inona ataonao dia zava-dehibe ny mahatsiaro fa ny fifadian-kanina dia tsy fikendrena ny hahazoana valisoa avy any an-danitra. Ny hevi-dehibe amin'ny fifadian-kanina dia ny fanesorana ireo zavatra manelingelina mba hahafahantsika mitady an'i Jesosy amin'ny fo manontolo. Araka ny lazain'i Derek Morris, filohan'ny Hope Channel, "Mifady hanina avy amin'izao tontolo izao isika mba hahafahantsika mivoky eo amin'i Jesosy."

Manasa anao izahay mba ho handray anjara amin'ity andro manokana ity! Na misafidy ny hifady hanina ianao na tsia dia mino izahay fa Andriamanitra dia manana fitahiana manokana voatahiry ho anao.

Angamba ianao tsy dia marisika amin'ny vavaka iombonana satria tsy tianao ny mivavaka mafy. Manasa anao izahay mba ho tonga ihany. Afaka mivavaka mangina miaraka amin'ny hafa ianao, manandratra ny vavaky ny hafa ary mivavaka ho an'ny olona sy ny zavatra entin'Andriamanitra ao am-ponao. Ary raha matahotra ianao fa "tsy dia tsara loatra" ny vavaka ataonao, fantaro fa Andriamanitra dia mihaino, tsy ny tenintsika ihany, fa ny fontsika koa. Tsy mitady vavaka "tsara loatra" Izy fa mpivavaka tso-po mikatsaka Azy. Na dia tsy fantatsika aza izay vavaka tokony hataontsika, Izy kosa dia mahafantatra. Mandre Izy. Ary manasa antsika hiara-hivavaka Izy. "Ary lazaiko aminareo koa: raha misy roa aminareo mifanaiky ety ambonin'ny tany na amin'inona na amin'inona, ka hangataka izany dia ho azony avy amin'ny Raiko Izay any an-danitra izany "(Mat. 18:19).

Hoy ny Hebreo 10:24, 25:

> "Ary aoka isika hifampandinika hampandroso ny fitiavana sy ny asa tsara; aza mahafoy ny fiarahantsika miangona, tahaka ny fanaon'ny sasany, fa mifananara kosa, mainka satria hitanareo fa mihantomotra ny andro. "

Antomotra ny Andro! Ankehitriny no fotoana tokony hizarana ny hafatr'Andriamanitra farany momba ny fanantenana sy famonjena! Tsy tokony hangataka andro isika. Aoka ianao tsy ho diso anjara amin'ireo fitahiana be dia be ananan'Andriamanitra izay miandry anao raha tonga isika hiaraka hifady hanina sy hivavaka.

## Toro-marika Ho an'ny Mpitarika

• Zarao amin'ny mambran'ny fiangonana farafahakeliny herinandro na tapa-bolana mialohan' ity andro manokana ity ny taratasy "Fanasana Hifady Hanina sy Hivavaka" mba hahazoany miomana.

• Raha tokony hampiditra toriteny feno amin'ity boky tari-dàlana ity izahay dia manome kosa fitaovana izay hanampy ny mpitarika eo an-toerana hanomanany ny toriteniny. Ny fotoam-pivavahana Sabata maraina izay mifantoka amin'ny lohahevitry ny vavaka amin'ity telovolana ity dia mety hanome aingam-panahy ho an'ny mambra maro handray anjara amin'ny fotoam-bavaka ny tolakandro.

• Misy tantara ho an'ny ankizy ampiarahina etoana mba hanampiana ny ankizy hahatakatra ny hafatry ny anjely telo Izany dia fampianarana fohy fa tsy tantara tsotra toy ny mahazatran noho izany dia azonao atao ny mampiasa ny fahaizana mamorona mba hampandraisana anjara ny ankizy. Mety azonao atao ny mandefa mialoha ny fampahalalana izany amin'ny hafatra fohy.

• Omena ihany koa ny vakiteny ho an'ny fandaharam-potoana amin'ny fotoam-bavaka tolakandro, "Hafatra Telon'ny Fitiavana ary Fifohazan'ny tena Toe-panahy araka an'Andriamanitra ". Tokony harahin' ny fotoam-bavaka iombonana io famakiana teny io.

• Mampirisika anareo izahay mba hiara-hivavaka toy ny vondrona iray amin'ny fotoana anaovana ireo teboka ifantohan'ny vavaka iraisana, mifototra amin'ny hafatry ny anjely voalohany, faharoa ary fahatelo. Misy taratasy zaraina ho amin'izany. Makà fotoana hitalahoana ny ranonorana farany nampanantenaina sy ny fahalalana ny fahamarinana amin'ny finoana. Raha manam-potoana ianareo, azonareo atao ny mamela ny vondrona hizara ho vondrona kely kokoa hahazoana manao ny fangatahan'ny tena manokana. Azonareo atao ny manisy fiatoana kely ao amin'ny

Zoom mandritra ny fotoana fohly, raha manao fihaonana amin'ny aterneto. Miverina ny vondrona mba hiaraka mamarana ny fotoana amin'ny fisaorana.

• Manoso-kevitra anareo izahay mba hamolavola fandaharam-potoana mandritra ny 1-2 ora farafahakeliny ho an'ity fotoam-bavaka tolakandro ity; kanefa maro no mihevitra ny hiara-hivavaka mandritra ny tolakandro manontolo. Avelao ny Fanahy Masina no hitarika amin'izany.

• Ataovy pirinty na alefaso  mailaka amin'ny mpandray anjara ny "Zavatra Ifantohan 'ny Vavaka" sy ny "Teny Fikasana Mahery Vaika Momba ny Vavaka " ho amin'ny fotoam-bavaka tolakandro.

• Raha manana fanontaniana  ianao ny amin'ny fomba hitarihana vondrona ho amin'ny vavaka iraisana dia jereo ny tari-dàlana ao amin'ny "Soso-kevitra momba ny Fandaharam-potoana Tolak'andro."

## Soso-Kevitra Momba Ny Fandaharam-Potoana Sabata Maraina

Feon-kira fiomanana

Miditra ireo mpandraharaha

Vakiteny Salamo fiderana

Fiantsoana fanatrehana

Fanatitra

Vavaka fanolorana  fanatitra

Hira

Tantara ho an'ny ankizy: "Anjely Telon'ny Fitiavana""

Vakiteny fototra:: Apôk. 14: 4; Deoteronomia 30:20

"Ireo no manaraka ny Zanak'ondry na aiza na aiza no alehany" (Apok. 14: 4).

"Dia ny ho tia an'i JehovahAndriamanitrao ka hihaino ny feony sy hifikitra Aminy; fa izany no fiainanao sy fahamaroan'ny andronao "(Deo. 30:20).

Vavaka fanelanelanana

Mozika Manokana

TORITENY: "Mizara Ny Hafam-pitiavana Telo Farany Isika Rehefa Mivavaka Ho An'ny Fanamarinana Amin'ny Finoana"

Hira famaranana: "Ho avy indray Jesosy" (Fihirana SDA # 213)

Tso-drano sy Fanambarana ny antsipiriany momba ny fotoam-bavaka tolakandro

Feon-kira famaranana

## Soso-Kevitra Momba Ny Fandaharam-Potoana Tolakandro

**Toerana:**

Mivoria ao am-piangonana, eny ivelany eo ambany alokaloky ny hazo, na, raha kely ny vondrona misy anao dia mivoria ao amin’ny efitrano iray mampahazo aina manokana ao an-tokantranon'olona izay tsy misy fanelingelenana. Raha tsy azo atao ny mivory mifanatrika, ny fotoam-pivavahana atao amin’ny alalan’ny Zoom dia azonareo safidiana (zoom.us). Azonareo atao koa ny mifandray amin'ny alalan’ny finday.

**Fiderana Fanokafana Sy Fiankohofana (15-20 minitra):**

Ny hira sy feon-kira dia mametraka mandrakariva rivo-piainana tsara ho amin’ny fiankohofana, noho izany dia atombohy ny fotoana amin'ny hira vitsivitsy manome aingam-panahy ho amin’ny fanajana sy mandrisika hitady an'Andriamanitra.

Azonareo atao ny miangavy mambra vitsivitsy hizara fijoroana ho vavolombelona 30 segondra momba ny valim-bavaka na fiderana an 'Andriamanitra eo anelanelan'ny hira.

**Fiarahabana tongasoa sy filazana:**

Ny mpitarika dia tokony hiarahaba ny olona tonga soa sy hizara toro-hevitra momba ny fizotry ny fotoana tolakandro.

**Vavaka fanokafana: manendre olona iray.**

**Fizarana ny Taratasy misy ny Fampaherezana sy Fisaintsainana:**

Miangavia olona iray hizara ilay taratasy misy ny Fampaherezana sy Fisaintsainana: “Hafatra Telon’ny Fitiavana ary Fifohazana sy Fanavaozana ny Toe-panahy Araka an’Andriamanitra”

**Ny Mpitarika ny Vavaka Iraisana**:

Ireto toro-marika manaraka ireto dia tokony ambara fohifohy mialoha ny fotoam-bavaka

- Tonga eto isika hivavaka amin’ny maha-fianakaviana antsika. Tadidio fa tazonina ho tsiambaratelo ny zavatra rehetra ifampizarana.

• Tsy handray antom-bavaka mialoha isika. Tian'ny devoly rehefa miresaka momba ny fangatahantsika isika fa tsy mivavaka momba azy ireo. Hivavaka fotsiny isika ary hifanaiky ao anaty vavaka.

• Miangavy anao mba hanao izay hampahazo aina anao mandritra ny fotoam-bavaka. Raha mivory miaraka ianareo dia aza misalasala ny hiovaova toerana — mipetraka, mandohalika, mitsangana sns ... Raha eo amin'ny Zoom ianao dia hevero ny famonoana ny fakantsary mandritra ny vavaka mba ho kely kokoa ny fanelingelenana.

• Mitenena mafy mba ho henonay tsara ianao, na ataovy azo antoka fa nesorina ny fanamafisam-peo raha amin'ny Zoom.

• Takio ny Soratra Masina ary avereno amim-bavaka amin'Andriamanitra ny teny fikasany. (Ampiasao ilay taratasy momba ny teny fikasana)

• Takio ny fiainana marina, ny sorona ary ny fanompoana ataon'i Jesosy (Jao. 14:14; Apok. 8: 3).

• Ataovy fohy ny vavaka (hevitra tokana, na fehezanteny 1-2). Tehirizo ny vavaka lava ho an'ny efi-trano manokana fivavahanao. Ny olona dia manana fironana ho leo amin'ny vavaka lava be. Lazaina amintsika fa mandreraka ny anjely koa izany (*Prière, p. 258).*

• Afaka mivavaka imbetsaka ny olona iray (atao fohy) mandritra ny fotoam-bavaka iraisana.

• Farany nefa tsy ny kely indrindra, omeo fotoana ny olona rehetra hivavahana sy hitenenana fa tsy olona tokana no hifehy ny fotoam-bavaka

**NAOTY HO AN'NY MPITARIKA NY VAVAKA:**

Tsarovy fa tsara ny fahanginana amin'ny fotoam-bavaka. Aza mihevitra ny hameno ny fotoana mangina rehetra na hamarana mialoha ny fotoam-bavaka. Raha mitsambikina sy mivavaka haingana ny olona sasany, ny hafa kosa maka fotoana lava kokoa hahatsapana ho mahazo aina hivavaka mafy. Rehefa mitranga ny fahanginana, dia avelao izany hitohy kely. Avelao Andriamanitra hiteny mangina amin'ny fo..

Raha tsy zatra miara-mivavaka anaty vondrona ny fiangonanao sy mampiditra ny Soratra Masina ary mihira mandritra ny fotoam-bavaka dia tokony hitarika hanome ohatra ianao.

Raha manahy ianao satria mbola tsy nanao vavaka iraisana teo aloha dia afaka mianatra bebe kokoa amin'ny famakiana ny boky kely *"Praying for Rain: A Mini-Handbook to United Prayer. »* (Mivavaka ho an'ny Ranonorana : Boky Tari-dàlana ho an'ny Vavaka Iombonana). Izany dia azo jerena amin'ny aterneto :

https://www.revivalandreformation.org/resource/all/praying-for-rain

# Fotoana Hanombohana!

**Fotoana ho an'ny vavaka iraisana:**

Manokàna ora 2-3 ho an'ny vavaka iraisana sy ny vavaka ataon'ny vondrona madinika, na fotoana lava kokoa araka ny fitarihan'ny Fanahy Masina. Mampirisika anareo izahay mba hanaraka ny loha-hevitra "Teboka Hifantohan'ny Vavaka" hita ato anatin'ity fitaovana ity ary hanampy vavaka hafa araka ny fitarihan'ny Fanahy Masina.. Rehefa avy nangataka mba hahazo fahatakarana bebe kokoa sy fahatsapana ny hafatry ny anjely telo ianareo, dia mivavaha ho an'ny firotsahan'ny Fanahy Masina sy fahamarinana amin'ny finoana. Tsy misy taratasy momba ny zavatra ifantohan'ny vavaka ho an'ireo teboka roa farany. Raha manampotoana ianareo, dia aza misalasala ny mizarazara ho vondrona kely kokoa ho an'ny antombavaky ny tena manokana.

***Fotoana fiderana sy fiankohofana (Fotoam-bavaka Iraisana)***

Ny teboka ifantohan'ny vavaka dia mety hanampy hampizotra tsara ny vavaka, fa tsy natao ho vakiana fotsiny. Ampirisiho ny olona hivavaka araka ny antom-bavaka manokana izay manohina ny fony. Mivavaha amin'ny fo. Izany no vavaka izay tena tian'Andriamanitra ho renesina.

***Mivavaka ho an'ny Voninahitr'Andriamanitra (Fotoam-bavaka iraisana — Jereo ny Taratasy 1 momba ny Fitiavana)***

"Ary hitako fa indro nisy anjely iray koa nanidina teo afovoan'ny lanitra, nanana filazantsara mandrakizay ho torina amin'izay monina ambonin'ny tany sy amin'ny firenena sy ny fokom-pirenena sy ny samy hafa fiteny ary ny olona rehetra nanao tamin'ny feo mahery hoe: Matahora an'Andriamanitra, ka omeo voninahitra Izy; fa tonga andro fitsarany: ary miankohofa eo anoloan'izay nanao ny lanitra sy ny tany sy ny ranomasina ary ny loharano. " (Apok. 14: 6, 7)

***Mivavaka mba hivoaka an'i Babylona ary hiverina amin'ny Baiboly (Fotoam-bavaka iraisana — Jereo Taratasy Fitiavana 2)***

"Ary nisy anjely iray koa, dia anjely faharoa, nanaraka ka nanao hoe: Rava, rava, Babylona lehibe, izay nampisotro ny firenena rehetra ny divain'ny fahatezera noho ny fijangajangany " (Apok. 14: 8).

***Mivavaka ho an'ny toetra mahatoky sy ny fankatoavana an'Andriamanitra (Fotoam-bavaka iraisana — Jereo ny Taratasy Fitiavana 3)***

“Ary nisy iray koa, dia anjely fahatelo, nanaraka ireny ka nanao tamin'ny feo mahery hoe: Raha misy miankohoka eo anoloan'ny bibdia sy ny sariny, ary mandray ny marika eo amin’ny handriny, na eo amin’ny tànany, dia izy koa no hisotro ny divain'ny fahatezeran'Andriamanitra, izay naidina tao anatin’ny kapoaky ny fahatezerany tsy miharoharo zavatra sady hampijalina amin'ny afo sy solifara eo anatrehan'ny anjely masina sy eo anatrehan'ny Zanak'ondry: ary ny setroky ny fijaliany dia miakatra mandrakizay mandrakizay, ary tsy manam-pitsaharana na andro na alina, izay miankohoka eo anoloan’ny bibidia sy ny sariny, na izay mandray ny mariky ny anarany. ” (Apok. 14: 9-11).

***Mivavaka mba handrotsahana ny Fanahy Masina (Fotoam-bavaka iraisana)***

Tena mila tokoa ny herin'ny ranonorana farany nampanantenaina ao amin'ny Joela 3:1 isika. Mivavaha ho an'izany ao anaty vondrona, mitaky ny teny fikasana ao amin'ny taratasy zaraina mikasika ny "Teny Fikasana Mahery Vaika Momba Ny Vavaka ".

***Mivavaka ho an'ny fahamarinana amin'ny finoana (Fotoam-bavaka iraisana)***

Tena mila mahatakatra ny fahamarinana amin'ny finoana isika satria mifandray amin'ny hafatr’ireo anjely telo izany. Averina indray, takio ireo teny fikasana ao amin'ny taratasy zaraina.

***Mivavaka ho an'ny olona tiantsika sy ny filan'ny tena manokana (vondrona kely)***
Zarao ho vondrona kely mba hivavaka ho an'ny zavatra ilain'ny tena manokana.

***Farano amin'ny fiderana (Fotoam-bavaka iraisana)***
Farano amin'ny fiderana iraisana ny fotoam-bavaka. Miderà an'Andriamanitra ary misaora Azy, tsy noho izay efa nataony ihany, fa noho ny zavatra efa hataony koa.

**Fampirisihana**: Rehefa tapitra ny fotoam-bavaka dia ampirisiho ny olona hanohy hifampivavaka hatrany, na hanangana vondrom-bavaka madinika ao an-tranony raha tsy mbola nanao izany. (Raha maniry ny mambra hiray isan’andro amin’ny vavaka atao amin’ny antso an-tariby any amin'ny faritra misy azy eto amin'izao tontolo izao, dia ampirisiho izy ireo hianatra momba ny 24/7 United Prayer. Misy fampahalalana misimisy kokoa amin'ny aterneto: revivalandreformation.org/resource/all/join-us-for-24/7-united-prayer.)

**Mampiato ny fifadian-kanina Sabata amin'ny sakafo hariva manokana**: ny fiangonana sasany dia mety misafidy ny hiara-misakafo aorian'ny fotoam-bavaka hampiatoana ny fifadian-kanina. Ataovy tsotra ny sakafo nefa manana endrika manokana ary misy rivo-piainana manintona mba hisian’ny fotoana manokana azo hararaotina. Raha mandrara izany ny fahasamihafana ara-tsosialy dia manaova “piquenique fankalazana.” Aoka hifandimby hizara fiderana sy fijoroana ho vavolombelona bebe kokoa momba ny valim-bavaka, na dia amin’ny Zoom aza.

# Tantara ho an'ny Ankizy

## Ny Andro Nitorian'ny Ovy

*[Soso-kevitra atolotra: ovy iray sy sarin'anjely telo na anjely atao amin'ny taratasy. Ity tantara ity dia azo tsorina ho an'ny ankizy kely kokoa.]*

Tia ovy ve ianao? Inona no fomba tianao hihinanana ovy?

Manana fanontaniana mampihomehy ho anareo aho. Fantatrareo ve fa afaka mitory ny ovy?

Ny mpitory teny dia tsy mijanona mandrakariva ao ambadiky ny polipitra ary Andriamanitra dia afaka mampiasa na inona na inona hizarana ny Teniny — na dia ny ovy aza.

I Leonard Hastings dia tsy mpitoriteny. Mpamboly izy, ary tamin'ny lohataona 1844 dia namboly ovy iray saha. Saingy tamin'io fahavaratra io dia nisy zavatra nitranga izay nanova azy tanteraka. Nianatra momba ny fiavian'i Jesosy tsy ho ela avy amin'ny lehilahy iray antsoina hoe William Miller i Leonard. Nifototra tamin'ny faminanian'ny Baiboly ao amin'ny Daniel, toko faha-8, dia nitory i William Miller fa hiverina eto an-tany amin'ny 22 Oktobra, 1844 Jesosy

Tamin'izay fotoana izay dia efa vonona hojinjaina ny ovy. Kanefa nahatsapa i Leonard fa noho ny fahatongavan'i Jesosy afaka herinandro vitsivitsy dia tsy nila ovy izy ary nanapa-kevitra ny tsy hijinja azy ireo. Dia nandeha ny resaka fa tsy hihady ovy izy satria nino fa ho avy Jesosy. Fantatry ny rehetra fa ho lo ao anaty tany ireo ovy raha tsy jinjaina.

Rehefa tsy tonga i Jesosy tamin'ny 22 Oktobra, dia nihomehy an'i Leonard ireo mpifanila-bodirindrina ary nanontany tena hoe inona no hohanin'ny fianakaviany. Navelan'i Leonard tao anaty tany ny ovy hatramin'ny Novambra. Rehefa nihady azy ireo ihany izy tamin'ny farany, dia hitany fa ireo no anisan'ny tsara indrindra tamin'izay namboleny!

Tsy nandeha tsara anefa ny raharaha ho an'ny mpifanila-bodirindrina taminy. Nisy aretin'ovy tonga tany amin'ilay faritra tamin'io taona io ary saika lo daholo ny ovy izay noheverina ho hadiana tamin'ny fotoana nilana azy. I Leonard kosa dia nanana tahirin'ovy betsaka ho an'ny fianakaviany, ary afaka nizara tamin'ny mpiara-monina izay nihomehy azy.

Ny lohataona manaraka, rehefa tonga ny fotoana hambolena ovy dia tonga ny olona avy lavitra sy akaiky nividy masom-bolin'ovy taminy. Tamin'ity indray mitoraka ity dia afaka nizara tamin'ny hafa ny antony tsy nahatongavan'i Jesosy tamin'ny 22 Oktobra 1844 izy. Fantany izao fa marina ny nolazain'ilay mpitoriteny William Miller momba ny fotoana fa ny zavatra tokony hitranga tamin'io andro io no diso.

Rehefa nivarotra ny ovy i Leonard dia nanazava izy hoe: Jesosy, Ilay Mpisoronabentsika, dia niditra tao amin'ny Efitra Masina indrindra ao amin'ny fitoerana masina any an-danitra tamin' io andro io. Ao no anaovany ny asa farany hamaranana ny ota. Ary avy eo Izy dia niverina teto an-tany!

Efa 150 taona mahery izay no nanampian'ireo ovy ireo an'i Leonard hitory toriteny ireo tamin'ny mpiara-monina taminy. Ka na dia tsy niverina aza i Jesosy tamin'ny 1844, dia milaza amintsika ny Baiboly fa ny asan'i Jesosy ao amin'ny fitoerana masina any an-danitra dia madiva ho vita! Tena akaiky ny fihaviany. Raha ny marina dia naniraka anjely telo Andriamanitra miaraka amin'ny hafatra manokana momba ny fitiavana mba hanampy antsika hiomana ho amin'ny fihavian'i Jesosy tsy ho ela. Afaka mahita ny fitantarana izany ianao ao amin'ny Apôk. toko faha-14.

Anjely telo no manidina eny afovoan'ny lanitra miaraka amin'ny hafatra manan-danja ho an'izao tontolo izao. Raha ny marina,na aiza na aiza onenanao, na firenena aiza no nihavianao ianao, na inona na inona no fiteny itenenanao, dia natao ho anao indrindra ny hafatra! Inona no lazain'ireto anjely telo ireto?

Ny anjely voalohany dia milaza amintsika mba hivavaka amin'Andriamanitra satria Izy no Mpahary antsika.  Ankehitriny dia maro ny olona nanadino an'Andriamanitra. Mihevitra izy ireo fa avy amin'ny gidro na zavatra hafa ny olombelona. Fa ity anjely ity dia mampahatsiahy antsika mba hivavaka amin'ny Mpamorona Izay nahary antsika, ary tsy ho ela dia ho avy Izy hitondra antsika any an-danitra.

Ny anjely faharoa dia milaza amintsika mba hanaraka izay ampianarin'ny Baiboly. Izao tontolo izao dia mampianatra lainga izay mitarika antsika lavitra an'i Jesosy. Maro ny olona no very hevitra ary tsy mahalalala izay tokony hinoana. Raha mianatra ny Baiboly isika dia ho fantatsika izay marina — ary ho fantatsika i Jesosy amin'ny maha-Sakaizantsika Azy rehefa miverina Izy!

Ny anjely fahatelo dia milaza amintsika fa mila manao safidy isika. Hivavaka amin' Andriamanitra ve aho sa amin'i Satana? Raha tia an'Andriamanitra isika dia hanaraka ny lalàny rehetra, ary anatin'izany ny fanajana ny Sabatany amin'ny andro fahafito.

Amin'izao fotoana izao, amin'ny toerana maro eran'izao tontolo izao,  dia mora ho an'ny olona ny mitandrina ny Sabatan'ny andro fahafito. Saingy hisy fotoana izay hanesoan'ny olona ny mpanaraka an'Andriamanitra, toy ny nanesoany an'i Leonard ihany rehefa tsy nijinja ny ovy izy. Azonao atao ny mangataka amin'Andriamanitra mba hanampy anao hanakaiky Azy kokoa sy hanaja ny Sabatany na inona na inona ataon'ny olon-kafa.

Ka inona no nianarantsika momba ireo anjely telo ireo?

Hoy ny ANJELY 1: Manompoa an'Andriamanitra. Izy no Mpamorona anao ary ho avy tsy ho ela Izy.

Hoy ny ANJELY 2: Araho ny Baiboly. Ny fahamarinan'Andriamanitra dia hitarika anao hiala amin'ny fisavorovoroana sy ny fahadisoan-kevitra.

Hoy ny ANJELY 3: manana safidy ianao: hanaraka an' Andriamanitra na Satana. Safidio Andriamanitra amin'ny fanajana ny lalàny rehetra.

Amin'ny fotoana manaraka izay hihinanao ovy  dia makà fotoana kely hieritreretana ny toriteny mangina ataon'ny fiainanao amin'ny olona manodidina anao. Marina fa tsy tonga tamin'ny 1844 i Jesosy, nefa nampanantena Izy fa ho avy amin'ny fotoana mety. Mihoatra noho ny zavatra rehetra dia tiany ny hitondra anao any an-danitra.

Te hitondra ny namanao ho any an-danitra Izy. Izany no antony nanirahany ireo anjely telo – mba hamoha sy hanaitra ny tsirairay avy ary hilaza amintsika fa akaiky ny fotoana!

*[Ny tantaran'i Leonard Hastings dia namboarin'i Chantal Klingbeil avy tamin'ny boky Ellen White: The Early Years (Ny taona voalohany): 1827-1862, p. 118.*

# Soso-kevitra Momba ny Toriteny

*[Mampirisika anao amin'ny maha-pasitora / mpandaha-teny anao izahay mba hamorona toriteny ho an'ity Sabata manokana ity.*
*Ireto andininy, fanontaniana, teny notsongaina ary hevitra ao amin'ny Baiboly ireto dia mety hanampy rehefa manomana ianao.]*

**Loha-hevitry ny toriteny**: Mizara ny Hafatra Telo Faran'ny Fitiavana Isika Rehefa Mivavaka Ho An'ny Fanamarinana Amin'ny Finoana

**Fanontaniana hodinihina rehefa hanomana ny toriteninao ianao:**

**• Inona ny iraka tanterahin'ny fiangonan'Andriamanitra amin'ny andro farany sy ny olony?**

Hizara ny hafatry ny anjely telo (izay misy ny fanomezana ny filazantsara mandrakizay ho an'izao tontolo izao), miantso ny olona hiverina amin'ny fahamarinana madio sy tsy misy fangaron'ny Soratra Masina sy ny fampianarana azy ireo ny maha-zava-dehibe ny fanehoana tsy fivadihana amin'Andriamanitra amin'ny fanajana ny lalàny rehetra.

**• Aiza no ahitana izany iraka izany ao amin'ny Baiboly? (Mat. 24:14; Apok. 14: 6-12)**

**• Ahoana no fomba hamintinantsika an'ity iraka ity?**

* Anjely voalohany: mizara ny filazantsaran'i Jesosy mandrakizay sy ny fitiavany, ny fiainany, ny fahafatesany, ny fitsanganany amin'ny maty sy ny fanelanelanana ataony. Matahora (tiava ary manajà) an'Andriamanitra ary omeo voninahitra Izy, fa tonga ny andro fitsarany. Miankohofa Aminy amin'ny maha-Mpamorona azy - ao anatin'izany ny fitandremana ny Sabata.

* Anjely faharoa: Rava i Babylona. Maloto ny fivavahan-diso. Mivoaha! Misaraha amin'ny fivavahan-diso ary miverena manaraka ny Tenin'Andriamanitra madio.

- Anjely fahatelo: misafidiana ny fahatokiana amin'Andriamanitra ary hajao ny lalàny. Aza miankohoka amin'ilay bibidia na mandray ny mariky ny bibidia.

**• Vonona ny ho faty ho an'ny fahamarinana ampianarin'ny anjely telo antsika ve isika? (Apok. 12:11)**

**• Inona no mariky ny bibidia?**

Mariky ny fahatokiana amin'i Satana fa tsy amin'Andriamanitra (amin'ny fanekena ny fanajana ny alahady ampiharin'ny lalàna).

**• Nahoana no zava-dehibe tokoa ny andro ivavahantsika? (Gen. 2: 2, 3; Eks. 20:11)**

• **Ahoana no hanazavana ny mariky ny bibidia avy ao amin'ny Soratra Masina?**

a. Ny mariky ny bibidia dia mampiseho ny fanoheran'ny olona ny lalàn'Andriamanitra.
- Ireo izay mandray ny mariky ny bibidia dia mifanohitra amin'ireo mpanaraka ny tena didy marina. (Apok. 14: 9-12)
- Tian'Andriamanitra ho soratana ao an-tsaintsika sy eo amin'ny asantsika ny lalàny. (Eks. 13: 9)

b. Ny mariky ny bibidia dia hala-tahaka ny tombo-kasen'Andriamanitra, dia ny Sabata izany. (ny Apok. 7: 2, 3 dia manondro ny tombo-kasen'Ilay "Andriamanitra velona")
- "Velona" = Mpamorona. (Asan'ny Apostoly 14:15)
- Ny tombo-kasen'Andriamanitra / famantarana dia ny Sabata. (Ezek. 20:12, 20; Eks. 31:13, 17)

d. Ny fanompoana / ny fiankohofana no olana: an'iza ny fonao? (Apok. 13:15, 16; 14: 9; 16: 2; 19:20; 20: 4; eto dia ampifandraisintsika amin'ny fiankohofana ny mariky ny bibidia)

e. Nanjary olana ny fitandremana ny Alahady rehefa ampiharin'ny lalàm-panjakana izany. (Apok. 13: 15-17)

• **Ahoana no fomba hizaranao ny toriteninao momba ny hafatry ny anjely telo amin'ny fomba hafa noho ny endrika mahazatra ny Advantista?** (Mivavaha momba an'izany rehefa mijery ireo andinin-tsoratra masina ato amin'ity fizarana ity ianao.)

• **Nahoana moa no hafatry ny fitiavana ho an'ny tontolontsika ankehitriny ireo hafatra ireo?** (Jaona 3:17; 1 Jaona 4:17; 1 Tim. 2:14; 2 Pet. 3: 9; 1 Kor. 8: 3; 1 Jaona 5: 3; Marka 12:30, 31; 1 Kor. 2: 9)

• **Inona ireo fihetsika/asa antsoin'ireo hafatra ireo eo amin'ny fiainantsika?** (Jaona 14:15; 1 Jaona 2: 5; 1 Jaona 3:18)

• **Amin'ny fomba ahoana no ifandraisan'ny hafatry ny anjely telo amin'ny fiainantsika? Nahoana ny antitra, ny tanora, ary na ny ankizy koa aza no tokony hitandrina?** (1 Jaona 2: 6; Apok. 22:11)

• **Nahoana no vaovao mahafaly ho an'ny mpino marina ny fitsarana any an-danitra?** (Jaona 8:36; Isaia 33:22; Heb. 4: 14-16)

• **Inona no ifandraisan'ny vavaka ho an'ny ranonorana farany amin'ny fizarana ireo hafatry ny anjely telo ?** (Joela 2, 3; Zak. 10: 1)

• **Ahoana no ampifandraisantsika ny tantaran'ny akanjo fitondra amin'ny fampakaram-bady amin'ireo hafatra ireo?** (Mat. 22:12; Tit.3: 5)

• **Amin'ny fomba ahoana no hizarantsika ny hafatra sarobidy momba ny fahamarinana amin'ny alalan'ireo hafatry ny anjely telo ireo ?** (Jereo ny teny notsongaina avy tamin'ny asa soratr'i Ellen White etsy ambany.)

**Ny votoatin'ny hafatra farany avy amin'Andriamanitra** ***(nalaina avy tamin'ny boky "Any Am-parany Any" nosoratan'i Ellen White, p. 189-190)***

Maro no nanoratra tamiko nanontany raha ny hafatry ny fanamarinana amin'ny finoana no hafatry ny anjely fahatelo, dia novaliako hoe: "Io marina tokoa no hafatry ny anjely fahatelo."

Ny Tompo, noho ny famindram-pony lehibe dia nandefa hafatra sarobidy indrindra ho an'ny vahoakany tamin'ny alalan'ny Raiamandreny loholona [E.J.] Wagoner sy [A. T.] Jones. Io hafatra io dia natao hampiseho miharihary kokoa eo anatrehan'izao tontolo izao IlayMpamonjy nasandratra, ilay fanatitra noho ny otan'izao tontolo rehetra izao. Izy dia nampiseho ny fanamarinana amin'ny alalan'ny finoana ao amin'Ilay Antoka; nanasa ny olona mba handray ny fahamarinan'i Kristy, izay miseho amin'ny fankatoavana ny didin' Andriamanitra rehetra.

Maro no tsy nahatazana an'i Jesosy intsony. Nilain'izy ireo ny hampitodihana ny mason'izy ireo ho amin'ny Tenany mahagaga, ho amin'ny fahamendrehany, ho amin'ny fitiavany tsy miova ho an'ny taranak'olombelona. Omena eo am-pelatanany ny fahefana rehetra, mba hahazoany mizara fanomezana sarobidy amin'ny olona, manome ny fanomezana sarobidy, di any Tenany, ho an'ny olombelona malemy. Io no hafatra nasain'Andriamanitra homena an' izao tontolo izao. Io no hafatry ny anjely fahatelo, izay tokony ho toriana amin'ny feo mafy, omban'ny fandrotsahana ny Fanahiny amin'ny fatra be dia be.

Ny hafatry ny fahamarinan'i Kristy dia natao hanakoako avy amin'ny tendron'ny tany iray ho amin'ny tendron'ny tany iray mba hamboatra ny làlan'i Jehovah. Io no voninahitr'Andriamanitra, izay mamarana ny asan'ilay anjely fahatelo.

Ny fanambarana ny toetrany – dia ny fitiavany izany – no hafa-pamindram-po farany tokony homena an'izao tontolo izao. Tokony hampiseho ny voninahiny ny zanak'Andriamanitra. Eo amin'ny fiainan'izy ireo na amin'ny toetran'izy ireo manokana no tokony hanehoan'izy ireo izay nataon'ny fahasoavan'Andriamanitra tamin'izy ireo.

Rehefa hihamafy hanjary antso avo ny hafatra fahatelo ary hery sy voninahitra lehibe no hambomba ny famaranana ny asa. Dia hanana anjara amin' izany voninahitra izany ny vahoakan'Andriamanitra mahatoky. Ny ranonorana farany no mamelombelona sy

manatanjaka azy ireo handalo ny fotoan-tsarotra.

Rehefa mihantomotrany farany, dia hihasahy sy hihamahery vaika kokoa hatrany ny fanambaran'ireo mpanompon'Andriamanitra.

Ity hafatra ity [Apok.14: 9-12] dia mahafaoka ireo hafatra roa teo aloha. Aseho amin'ny antso atao amin'ny feo mahery izy ity; izany hoe amin'ny herin'ny Fanahy Masina.

Rehefa mitombo ho amin'ny feo mahery ny hafatry ny anjely fahatelo, dia hery sy voninahitra lehibe no hanohana ny fitoriana azy. Hamirapiratry ny hazavan'ny lanitra ny endriky ny vahoakan'Andriamanitra.

Ao anatin'ny aloka lalin'ny ady sarotra lehibe farany eto an-tany dia hamirapiratra indrindra ny fahazavan'Andriamanitra ary ho re amin'ny feo mazava sy ambony indrindra ny hiran'ny fanantenana sy fahatokisana.

Araka ny voalaza mialoha ao amin'ny Apokalipsy 18, dia amin-kery lehibe no natao hitorian'ireo izay mandefa ny fampitandremana farany ny amin'ny bibidia sy ny sariny ny hafatry ny anjely fahatelo.

**Teny fanampiny nalaina avy tamin'ny tenin'ny tsindrimandry**

*(Testimonies for the Church, boky 9, p. 19).*

"Amin'ny heviny manokana, ny Advantista Mitandrina Ny Andro Fahafito dia napetraka eto amin'izao tontolo izao ho mpitily sy mpitondra fahazavana. Nankinina tamin'izy ireo ny fampitandremana farany ho an'ity tontolo mihasimba ity. Eo amin'izy ireo no misy hazavana mahafinaritra mamirapiratra avy amin'ny tenin' Andriamanitra. Nomena azy ireo ny asa manan-danja manetriketrika indrindra - ny fanambarana ny hafatry ny anjely voalohany, faharoa ary fahatelo. Tsy misy asa hafa manan-danja kokoa noho izany. Tsy tokony hisy zavatra hafa avela hameno ny sain'izy ireo "

*(Henoinareo ny Fanoharana, p.93-94)*

"Nefa Kristy, amin'ny maha-perla soa sarobidy Azy, ary tombon-tsoa ho antsika ny manana an'io haren-tsarobidin'ny lanitra io, no lafin-hevitra tena ilaintsika ho dinihina maharitra. Ny Fanahy Masina no maneho amin'ny olona ny hasarobidin'ilay perla tsara. Ny fotoan'ny herin'ny Fanahy Masina dia ny fotoana izay hikarohana sy hahitana ny fanomezan'ny lanitra amin'ny fomba manokana. Tamin'ny andron'i Kristy dia maro no nandre ny filazantsara, nefa ny sainy dia nohamaizinin'ny fampianaran-diso, ka tsy nahafantatra Ilay Irak'Andriamanitra izy ireo teo amin'Ilay Mpampianatra feno fanetren-tena avy any Galilia. Nefa taty aorian'ny fiakaran'i Kristy ho any an-danitra dia nomarihin'ny firotsahan'ny Fanahy Masina. Ny fametrahana Azy teo amin'ny seza

fiandrianana tao amin'ny fanjakany fanelanelana. Tamin'ny andron'ny Pentekosta no nanomezana ny Fanahy. Nitory ny herin'ny Mpamonjy nitsangana tamin'ny maty ireo vavolombelon'i Kristy. Ny fahazavan'ny lanitra dia efa nanagorobaka ireo saina maizin'ireo izay efa nofitahin'ny fahavalon'i Kristy. Hitany tamin'izay Kristy nasandratra ho "Tompo sy Mpamonjy hanome fibebahana ho an'ny Isiraely" (Asa 5:31). Hitany izay voahodidin'ny voninahitry ny lanitra, amin'ny harena tsy hita fetra homena ho an'iireo izay miala amin'ny fikomiany. Rehefa nandray ny voninahitr'Ilay Zanaka Lahitokan'ny Ray ny Apostoly dia telo arivo ny fanahy niova fo . Nanjary nahita ny tenany amin'izay tena toetrany izy, feno fahotana sy loto, ary nahita an'i Kristy sakaizany sy Mpanavotra azy. Nasandratra Kristy, nomem-boninahitra Izy tamin'ny alalan'ny herin'ny Fanahy Masina nitoetra teo amin'ny olony. Tamin'ny alalan'ny finoana no nahitan'ireo mpino Azy ho Ilay niaritra fanentren-tena, fijaliana sy fahafatesana mba tsy ho very ireo fa hanana fiainana mandrakizay. Ny fanehoana an'i Kristy tamin'ny alalan'ny Fanahy no nanome azy ireo ny fahatsapana ny heriny sy ny fahalehibiazany, ka nanatsotra ny tánany taminy tamin'ny finoana izy ireo ka manao hoe: 'Mino aho' ".

"Tamin'izay dia nentina hatrany amin'ny faritra lavitra indrindra teto amin'ny tany misy olona ny vaovao mahafaly momba Ilay Mpamonjy efa nitsangana tamin'ny maty. Nahita andian'olona niova fo nanatona azy avy tamin'ny vazan-tany efatra ny fiangonana. Voaova fo indray ny mpino. Tafaray tamin'ny kristiana ny mpanota tamin'ny fikatsahana ilay perila sarobidy. Tanteraka ny faminaniana: ny reraka dia ho "tahaka an'i Davida", ary ny taranak'i Davida ho "tahaka ny anjelin'i Jehovah" (Zakaria 12: 8). Ny kristiana tsirairay dia nahita teo amin'ny rahalahiny ny fitoviana amin'Andriamanitra amin'ny hatsaram-panahy sy ny fitiavana. Zavatra iray loha no natao ambony indrindra. Anton-javatra iray no nanarona ny hafa rehetra. Niara-nitempo ny fo rehetra. Ny hany hambompon'ny olona dia ny haneho ny fitoviana amin'ny toetran'i Kristy, sy ny hiasa hampitatra ny fanjakany. 'Ary niray fo sy fanahy ny olona rehetra . . . . Tamin'ny hery be no nanambaran'ny apostoly ny nitsanganan'i Jesosy Tompo; ary fahasoavana be no tao amin'izy rehetra." (Asa. 4:32, 33). "Ary ny olom-bonjena dia nanampin'ny Tompo isan'andro ho isan'ireo " (Asa 2: 47). Ny Fanahin'i Kristy no nampientana ny mpivory rehetra; satria efa nahita ilay perila sarobidy izy ireo "

"Tsy maintsy hiverimberina ireo toe-javatra ireo, ary amin'ny hery lehibebe kokoa. Ny narotsaky ny Fanahy Masina tamin'ny andro Pentekosta dia ny ranonorana aloha, fa ny fara-orana kosa dia ho be lavitra. Ny Fanahy dia miandry ny fangatahantsika sy ny fandraisantsika izany. Tsy maintsy haseho amin'ny fahafenoany avy amin'ny herin'ny Fanahy Masina indray Kristy. Ho tsapan'ny olona ny tombam-didin'ilay perila sarobidy, ary hiteny miaraka amin'ny apostoly Paoly izy ireo hoe: 'Nefa Izay azoko ho tombony dia nataoko ho fatiantoka kosa noho ny amin'i Kristy. Eny tokoa, fatiantoka avokoa ny zavatra rehetra, noho ny hatsaran'ny fahalalana an'i Kristy Jesosy Tompoko." (Filipiana 3: 7, 8)

**Fijery vaovao momba ny fitsarana** ***(nalaina avy tamin'ny Daring to Live by Every Word nosoratan'i Melody Mason)***

Matetika rehefa miresaka momba ny “fitsarana ho avy” ianao dia misy tahotra sy horohoro lehibe tonga ao am-po. Ara-dalàna izany satria raha misy fitsarana dia matetika midika izany fa nisy lalàna voahitsakitsaka. Amin'ny toy izany, dia tsy ny lalàna noforonin' olombelona fotsiny ihany. Izany dia ny lalàn'Andriamanitra izay nohitsakitsahina, voafintina ao amin’ny Didy Folo ao amin'ny Eksodosy 20. Milaza amintsika ny Baiboly fa: "Fa samy efa nanota izy rehetra ka tsy manana ny voninahitr'Andriamanitra ”(Rom. 3:23). Midika izany fa meloka isika amin'ny fandikana ny lalàny.

Kanefa, rehefa mijery akaiky ny Apok. 14: 7 isika, dia milaza amintsika ny Baiboly fa "tonga ny andro fitsarany. ” Midika izany fa Andriamanitra dia mandalo fitsarana manoloana izao tontolo rehetra izao, ary amin’ny lalan’ny vahoakany Izy no tsaraina (Rom. 3: 4). Fa izany dia midika fahafatesana ho antsika, raha tsy noho ny amin'i Jesosy, satria ny asa tsara ataontsika (Isa. 64: 6) dia tsy afaka manamarina ny toetran'Andriamanitra. Ny vaovao mahafaly kosa anefa dia hoe raha ao amin'i Jesosy isika dia Izy irery ihany no hita. Ny hoe ao amin'i Jesosy dia midika fa manana ny fahatanterahan’ny fahamarinan'i Jesosy mandrakotra antsika isika, koa dia tsy misy fanamelohana, fa kosa fanamarinana ny toetran'Andriamanitra.

Ka raha amin’ny maha-izy azy, ny fitsarana dia antso avo maika mba hiaikentsika ny fahotantsika sy handosirantsika ao amin’ny fialofana azo antoka, dia Jesosy. Rehefa mandositra ao amin’ny fiarovan'i Jesosy isika, dia lasa vaovao mahafaly ny fitsarana, satria miandany amintsika ny Mpitsara. Hoy ny Baiboly amintsika: “Fa Jehovah no Mpitsara antsika, Jehovah no mpanome lalàna antsika, Jehovah no mpanjakantsika; Izy no hamonjy antsika ”(Apok. 14: 7; Isa. 33:22).

Na dia vaovao mahafaly aza ny fitsarana satria manana Mpisolovava any an-danitra mifona ho antsika isika (Heb. 4: 14-16), dia mbola tsy afaka ny ho sahisahy foana sy tsy hitandrina isika. Toy ny Isiraelita nandinika ny fony tamin-kitsim-po nandritra ny Andro Fanavotana isan-taona mba hahazoana antoka fa tsy misy na inona na inona manelanelana azy ireo amin’ Andriamanitra, dia toy izany koa no tsy maintsy ataontsika ankehitriny.

Rehefa mijoro amin'ny fotoanan'ny fitsarana any an-danitra isika, dia aoka isika hanolotra tanteraka ny fontsika amin’ny fahazavan‘ny Tenin’Andriamanitra. Lazaina amintsika hoe: “Mba hahamasina azy amin’ny andro anadiovany [antsika — ny Fiangonana] amin'ny rano fanasana amin'ny teny, mba ho raisiny ho an'ny tenany izany ho fiangonana malaza tsy misy pentimpentina, na fiketrona, na izay toy izany; fa mba ho masina sady tsy misy tsiny ” (Efes. 5:26, 27).

**Tantara Handravahana ny Toriteny: Fantatrao Ve Ny Baibolinao?**

Indray andro nisy Advantista mpitory ny Baiboly niasa tany amin'ny faritra iray mampidi-doza eto an-tany izay voampanga ho mpitsikilo. “Tsy mpitsikilo izahay!” hoy izy ireo tamin'ny mpisambotra azy. “Misionera Advantista izahay, tonga eto fotsiny mba hizara ny fitiavan'i Jesosy. ”

Nanondro basy ny iray tamin'ireo mpisambotra ary nijery ireo misionera tamin’ny fahalianana vaovao. “Milaza ianareo hoe misionera Advantista! Manana fanontaniana hapetraka aminareo aho. Avia hanaraka ahy." Nentiny tany amin’ny trano iray izy ireo ary nasainy nipetraka. “Manana Baiboly ve ianareo?” Navoakan’izy ireo haingana ny Baiboliny. "Asehoy ahy amin'ny Baibolinareo ny dikan'ny hafatry ny anjely telo ary ny antony inoan’ny Advantista fa manan-danja tokoa izy ireo! ”

Avy hatrany dia nanokatra ny Tenin’Andriamanitra ireo misionera ary nanomboka nanazava ny Apokalipsy 14 raha nihaino tamim-pahatoniana ilay mpisambotra azy. Rehefa vitan’ izy ireo izany dia tony ny endrik’ilay mpisambotra ary nitsiky izy. “Nianatra tamin'ny sekoly Advantista aho taloha, ”hoy izy tamin'izy ireo. “Fantatro fa raha tena misionera Advantista tokoa ianareo dia afaka manazava ny hafatry ny anjely telo. Raha tsy afaka nampiseho ahy ireo zavatra ireo avy tamin'ny Baiboly ianareo, dia mety ho nataonay takalon'aina na ny ratsy kokoa noho izany, fa ankehitriny kosa dia handefa anareo izahay satria fantatro fa tsy mpitsikilo ianareo. ”

Miresaha momba ny fametrahana antsika eo amin’ny toerana tokony ho izy! Vonona ny hizara ny Tenin'Andriamanitra ve isika? Vonona hijoro ho an’ny fahamarinana ve isika, na dia tondroina amin'ny basy aza? Vonona hihira fiderana an'Andriamanitra ve isika, na dia entina any am-ponja aza?

"Ny finoan’ny mpino dia tsy maintsy miorina mafy amin'ny Tenin 'Andriamanitra, ka rehefa tonga ny fotoana fitsapana/fizahan-toetra . . . dia ho afaka hanome ny anton'ny fanantenana izay ao anatiny, amin'ny fahalemem-panahy sy ny tahotra izy ireo ” *(Gospel Workers , p. 299).*

**Tantaran’ny tena manokana:**

- *Mizarà tantaram-piainana tena misy mampiseho ny hery manova fiainana entin’ny hafatry ny anjely telo teo amin'ny fiainanao manokana (pasitora / mpandahateny).*

- *Mizarà ny antony ahitanao ireo hafatra ireo ho toy ny hafatry ny “fitiavana” avy amin'Andriamanitra.*

- *Mizarà tantaran'olona mijoro matanjaka amin'ny finoany.*

*• Mizarà tantaran'ny fiovam-pon'olona izay nandao an'i "Babylona" mba hahita ny fahamarinan'ny Baiboly.*

*• Matetika ny olona no manadino ireo teboka ao amin'ny toriteny, saingy mahatadidy tantara izy ireo!*

**Manaova Antso**:

Hamaly ny antson'Andriamanitra ao amin'ny hafatry ny anjely telo ve ianao ary hizara izany hafam-pitiavana izany amin'olona fantatrao?

[Aza adino ny manasa ny olona hanatrika ny fotoam-bavaka tolakandro.]

# Fampaherezana sy Fisaintsainana amin’ny Tolakandro

## Hafatra Telon'ny Fitiavana
## Ary Fifohazana Ho Amin'ny Toe-Panahy Marina Araka An’andriamanitra

Ny hafatr'ireo anjely telo dia tsy matetika izay eritreretinao rehefa manomana fisintonana ara-panahy ianao na fivoriam-bavaka. Kanefa, rehefa miditra amin'ny sehatra farany amin'ny tantaran'ny tany isika, dia misy heviny bebe kokoa ankehitriny noho ny teo aloha ireto hafam-pitiavana ireo. Tsy hoe fotoana fotsiny ihany tokony hianarantsika izay dikan’izy ireo izao, fa fotoana indrindra koa hangatahana amin'Andriamanitra hanoratra izany ao am-pontsika amin-kery mba tsy hieritreretantsika zavatra hafa intsony. Rehefa ireo hafatra sarobidy momba ny fitiavana sy ny fanamarinana amin’ny finoana ireo no manindrona ny faritra lalina indrindra amin'ny fontsika sy ny fanahintsika, dia ny hizara ireo taratasim-pitiavana ireo amin'izao tontolo izao no ho hany faniriantsika miredareda.

Efa mba nahazo taratasim-pitiavana ve ianao? Tsy miresaka momba irony fanambarana "fitiavana” ivelambelany izay tonga miaraka amin'ny oroka amin’ny andro anankiray ary lasa mangatsiaka ny ampitso irony isika eto. Fa ny resahintsika dia fifanarahana tena izy – taratasim-pitiavana tonga ary fantatrao fotsiny fa nahita ny tena fitiavana marina tokana ianao. Eritrereto ny amin’ny fomba nataon'ilay olona nanoratra mba hahatonga anao hahatsapa tena ho manokana, navahana, tsy misy toa anao. Nahatsapa ianao fa tsy nila nanao zavatra mba hahazoana izany fitiavany izany. Nanome anao fanomezana sarobidy izay tsy voavidin'ny vola mihitsy izy. Tia anao tamin’ny fitiavana marina amin'ny maha-ianao anao izy, ary te handany ny mandrakizay miaraka aminao. Rehefa mahatsapa ny hafanana sy ny hatsaran'ny fitiavany ianao, dia tokana ny fanirianao - ny hitia azy ho setrin’izany amin'ny fonao rehetra, amin'ny hafanam-po sy fientanam-po mitovy amin'izmny. Angamba ianao naniry mafy ny ho tonga olona tsara kokoa mba hahafahanao maneho ny fitiavanao bebe kokoa. Ny fanirianao lehibe indrindra dia ny hampiseho aminy voninahitra amin'ny fomba rehetra azo atao. Faly ianao mieritreritra fa ho azy manokana amin'ny androm-piainanao sisa rehetra.

Ny bokin'ny Apokalipsy no tantaram-pitiavana ambony indrindra. Ary ny Apokalipsy 14 dia manokatra ny taratasim-pitiavana sy famindram-po telo farany avy amin'ny Mpampakatra any an-danitra ho an'izao tontolo izao efa ho faty. Ireo taratasy ireo dia mamantatra ilay tena ampakarin'i Jesosy, ny fiangonany ary miantso azy hiomana amin'ny fiaviany tsy ho ela. Ireo taratasy ireo dia mirakitra teny fampaherezana, fampanantenana ary fampitandremana. Raha raisintsika am-po ireo fampitandremana ireo dia ho voaro amin'ny tafio-drivotra ho avy ary tsy ho ela dia ho tafakambana amin'ny Mpampakatra antsika any an-danitra.

Rehefa manokatra ny Apôkalipsy 14 isika dia mahita sarin'ny Zanak'ondry (Jesosy) mijoro eo amin'ny Tendrombohitra Ziona miaraka amin'ireo 144 000. Hoy ny Baiboly amintsika hoe: “Ireo no tsy voaloto tamin'ny vehivavy fa virijina izy. Ireo no manaraka ny Zanak'ondry na

aiza na aiza no alehany. Ireo no navotana avy tamin'ny olona ho voaloham-bokatra ho an'Andriamanitra sy ny Zanak'ondry. "(Apok. 14: 4).

Io dia vondron'olona manana finoana madio sy tsy mifangaro. Tsy voataonan 'ny hery miasa manginan'ny filazantsara ankifizin'ny besinimaro : "Inona no mety amiko indrindra?" Tsia! Olon'ny Teny izy ireo, vonona hanao izay lazain'ny Baiboly. Amim-pifaliana no ametrahany ny zavatra rehetra ho an'ny Tompo. Vokatr'izany dia lasa manaraka ny Zanak'ondry izy oreo na aiza na aiza no alehany.

Raha manondro ny Apôk. 14: 4, dia nanoratra i Ellen White hoe: "Kanefa ireo izay hanaraka ny Zanak'ondry any an-danitra dia tsy maintsy ho efa nanaraka Azy tety an-tany aloha, tsy amin'ny faneriterena na vokatry ny fihetseham-po vetivety, fa avy amin'ny fankatoavana an-tsitrapo, nentanin'ny fitiavana sy ny toetra mahatoky, toy ny andian'ondry manaraka ny mpiandry " *(Vavolombelona Mahery, p. 524).*

Andao hiato kely ary hamerina hijery fohifohy ny hafatry ny anjely telo.

Ny hafatra voalohany dia manomboka amin'ny Apôk. 14: 6.

> "Ary hitako fa indro nisy anjely iray koa nanidina teo afovoan'ny lanitra, nanana filazantsara mandrakizay hotoriana amin'izay monina ambonin'ny tany sy amin'ny firenena sy ny fokom-pirenena sy ny samy hafa fiteny ary ny olona rehetra nanao tamin'ny feo mahery hoe: Matahora an'Andriamanitra, ka omeo voninahitra Izy; fa tonga ny andro fitsarany; ary miankohofa eo anoloan'Izay nanao ny lanitra sy ny tany sy ny ranomasina ary ny loharanon'ny rano " (Apok. 14: 6, 7).

Rehefa mijery ity hafatra voalohany ity isika dia mahita lohahevitra telo lehibe: *ny filazantsara mandrakizay* (izay mampiseho fa voavonjy amin'ny asan'i Jesosy isika fa tsy ny an'ny tenantsika - jereo Rom. 1:16); *ny fitsarana* (izay fiantsoana handositra ho ao amin'ny fiarovan'i Kristy); ary *ny fiankohofana amin'ny Mpamorona* (izay mampatsiahy antsika ny nihaviantsika marina, ny fomba nahatongavantsika teto, ary ny toerana halehantsika).

Tsy mahaliana ve ny mahita fa ity hafam-pitiavana voalohany ity dia manomboka amin'ny fiantsoana hatahotra an'Andriamanitra?

Amin'ny andro izay "hahareraka ny fon'ny olona noho ny fahatahorany" (Lioka 21:26) eo am-pijerena ireo zavatra mitranga eto amin'izao tontolo izao, ny mpino kosa dia nomena hafatra izay mitarika azy ireo ho eo amin'ny hany fiarovana marina. Raha tototry ny tahotra izao tontolo izao, ny olon'Andriamanitra kosa dia mianatra ny "hatahotra an'Andriamanitra". Izy no toerana azo antoka ho azy ireo. Izy no Vatolampiny eo anivon'ny tafio-drivotra. Izy no Ilay hany tena Fitiavana ho azy ireo izay tsy handao na hahafoy azy ireo.

Satria "matahotra an'Andriamanitra" izy ireo dia tia Azy fatratra ary manana mahatoky tanteraka Aminy izy ireo ary manolotena tanteraka hanao ny sitrapony. Midika koa izany fa raisin'izy ireo ho zava-dehibe sy amin’ny fomba matotra Andriamanitra sy ny Teniny!

Mampalahelo anefa fa ny ankamaroan'ny olona dia miaina sy manao asa amin’ny fomba sasany mifototra amin'ny fahatahorany ny fiaraha-monina sy izay heverin’ny hafa momba azy ireo na amin'ny fahatahorana ny loza ho avy, fa tsy ny fahatahorany an 'Andriamanitra na ny fanajany ny Teniny. "Ny zavatra manaitra sy mahavariana momba ny fahatahorana an' Andriamanitra" , hoy ny mpanoratra Oswald Chambers, "dia rehefa matahotra an'Andriamanitra ianao dia tsy matahotra zavatra hafa intsony; aa raha tsy matahotra an'Andriamanitra ianao, dia matahotra ny zavatra hafa rehetra ”

Raha ny "fahatahorana an 'Andriamanitra" manomboka amin'ny fihetsika anaty sy ny fanolorana ny fo ho an'Andriamanitra, dia fihetsika tokony hatao amin'ny asa isan'andro izany. Ary eo no miditra ny hoe "manome voninahitra an'Andriamanitra". Izany dia misy ifandraisany amin'ny fanarahana fomba fiainana manome voninahitra an'Andriamanitra. Milaza amintsika ny Baiboly manao hoe: "Ataovy ho voninahitr'Andriamanitra izany rehetra izany ”(1 Kor. 10:31). Tsy voajanahary na mandeha ho azy akory ny manome voninahitra an'Andriamanitra. Manana fironana hanome voninahitra ny tenantsiak isika! Nefa isika dia antsoina ho faty ny amin'ny tenantsika isika mba hitoeran'i Jesosy ao amintsika sy amin'ny alalantsika.

Ny hafatry ny anjely faharoa sy fahatelo dia manaraka amin'ny antso hanomezam-boninahitra ny Tenin'Andriamanitra ambonin’ny foto-pampianaran'ny olombelona, ary antso hivavaka amin'Andriamanitra amin'ny fontsika rehetra, ny tenantsika, ny saintsika ary ny fanahintsika rehetra mba tsy hahatonga antsika ho tafalatsaka amin'ny asa mahafaty sy feno fijangajangana miaraka  amin'ny fahavalon'ny fanahintsika. Tsarovy, raha eo amintsika ny tombo-kasen' Andriamanitra, ary voasoratra ao amin'ny bokin'ny fiainana ny anarantsika, dia tsy afaka hametraka ny marika mahafaty eo amintsika ny fahavalo.

Amin’ity tolakandro ity isika dia hanokana fotoana kely hivavahana mba hahazo fahatakarana bebe kokoa sy fahafantarana/fahatsapana ny maha-zava-dehibe ny hafatry ny anjely telo amin'ny fiainantsika isan'andro. Hivavaka ihany koa isika mba hahatonga ireo hafatra ireo, sy ny hafatra momba ny "fanamarinana amin'ny finoana" ho hery manosika sy manentana ao ambadiky ny zavatra ataontsika isan'andro amin'ny maha-Kristiana antsika, satria ny votoatin’ny zavatra ifantohan'ny hafatry ny anjely telo dia momba an'i Jesosy avokoa - ny fitiavany lehibe sy ny fandrakofany amin’ny fahamarinana. Izany rehetra izany dia mahakasika ny hoe iza no hivavahantsika, ahoana ny fomba hivavahantsika, ary aiza ny toerana handaniantsika ny mandrakizay.  Tsy afaka ny ho miavaka kokoa na zava-dehibe kokoa noho izany ireo hafatra ireo. Izany no antony nanakonan'i Satana azy ireo nandritra ny am-polo taonany maro tamin'ny endrim-pivavahana tsy misy dikany sy sandoka. Fotoana izao hijerena azy ireo amin’ny fahazavana vaovao.

Nanoratra i Ellen White manao hoe:

> "Amin'ny lafiny manokana, ny Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito dia napetraka eto amin'izao tontolo izao ho mpitily sy mpitondra fahazavana. Nankinina tamin'izy ireo ny fampitandremana farany ho an'ity tontolo mihasimba ity. Eo amin'izy ireo no misy hazavana mahafinaritra mamirapiratra avy amin'ny tenin' Andriamanitra. Nomena azy ireo ny asa manan-danja manetriketrika indrindra - ny fanambarana ny hafatry ny anjely voalohany, faharoa ary fahatelo. Tsy misy asa hafa manan-danja kokoa noho izany. Tsy tokony hisy zavatra hafa avela hameno ny sain'izy ireo ”
> *(Testimonies for the Church, boky 9, p. 19).*

Miaina amin'ny fotoan-tsarotra isika. Ankehitriny ireo anjely ao amin'ny Apôk. 14 dia miantso mafy ny vahoakan'Andriamanitra manao hoe, “Aoka ho vonona, aoka ho vonona, aoka ho vonona. Tsy maintsy ho faty ny amin'izao tontolo izao mihoatra noho ny nataonareo teo aloha ianareo ” *(Early Writings, p. 64)*. Tsy maintsy ho faty ny amin'ny olona na zavatra tianareo rehetra ianareo, afa-tsy ny Fitiavana tokana tena izy, dia Kristy Jesosy!

Tsarovy fa Jesosy dia tsy nampiasa velively fanararaotana ho entina hanambakana sy hamitahana na hery mihitsy. Tia antsika fatratra Izy ka nanome antsika ny fanomezana momba ny safidy malalaka. Nefa ho tapitra ny fotoana. Izany no antony maha-zava-dehibe ny hanaovantsika fanapahan-kevitra anio.

Ho sarotra sy tery ary mideza ny lalana manoloana antsika. Fa Jesosy manatsotra ny tànany voafantsika ary miteny hoe: “Hitanao ireto holatra ireto? Ho anao ireo! Mifikira Amiko. Izaho no hany famonjenao. Izaho no hany ilainao. Tiako mihoatra ny fiainana ianao. Tsy hitanao ve ny nataoko taminao teo amin'ny hazo fijaliana? Mahatoky Aho. Tsy handao anao mihitsy aho. Aza matahotra. Na dia misy ady lehibe aza miandry ao aloha, dia mampanantena anao Aho fa hitondra anao ho tody soa aman-tsara any am-pita. Saingy mila matoky Ahy tanteraka ianao ary mankatoa Ahy amin'ny fonao rehetra. Tsy afaka hiseho ny ho velona ho Ahy sady ho velona ho an'izao tontolo izao ianao. "

Mbola mnohy i Jesosy, raha mikatsaka ny efitrefitry ny fontsika lalina ny masony feno halemem-panahy:

> “Tiako ho fantatra, ry havako hampakariko, tena tia Ahy ve ianao? Raha tia Ahy ianao dia ekeo ny fahotanao ary tandremo ny didiko. Aza diso hevitra! Tsy azahoanao famonjena ny fanaovana ireo zavatra ireo. Maneho fotsiny izany fa efa voavonjy ianao, satria manome voninahitra Ilay namonjy anao ianao. Tsarovy fa raha miezaka hankany an-danitra amin'ny fahamendrehanao manokana ianao dia tsy hahomby. Ny asa tsara vitanao dia toy ny lamba maloto fotsiny. Ny hany fanantenanao dia ato Amiko. Mijere Ahy! Mifikira Amiko! Miantehera Amiko! Manokàna fotoana miaraka Amiko! Esory avokoa ireo zavatara manelingelenana sy mamilivily saina rehetra. Ny familiviliana ny saina dia paikadin'ny fahavalo hanimbana anao. Aza manaraka ny besinimaro intsony. Mandroso ho any amin'ny fandringanana izy ireo. Aza manaraka

ny làlana malalaka noho izy toa mampahazo aina kokoa. Hitondra ho amin’ny fahafatesana izany. Efa maty ho anao Aho! Tia anao mihoatra noho ny olona rehetra Aho - mihoatra noho ny reninao, mihoatra noho ny sakaizanao akaiky anao indrindra, mihoatra noho ny vadinao, mihoatra noho ny olon-tiana rehetra anananao. Miangavy anao Aho mba hatoky Ahy ary hanaraka Ahy. Tafio ny akanjonao fitondra amin’ny fampakaram-bady - ny fahamarinako. Misotroa amin'ny Teny voasoratra ary mijery Ahy hatrany. Hitondra soa aman-tsara hody any an-trano Aho! ”

Mivavaha mba hanampian'Andriamanitra antsika handray amin’ny fo tokoa io antso io. Raha ny marina, rehefa manokana fotoana amin'ny fivavahana isika amin’ity tolakandro ity, dia andeha hangataka amin'i Jesosy hiteny amin'ny fontsika mihoatra noho ny teo taloha. Andeha hangataka Aminy hitondra ireo taratasim-pitiavana telo ireo eo amin'ny fiainantsika. Araka ny efa nianarantsika, ireo taratasy ireo dia miantso antsika ho amin'ny fifohazan’ny toe-panahy marina araka an 'Andriamanitra izay mahafaoka ny lafin-javatra rehetra. Izany dia momba ny fanarahana ny Zanak'ondry na aiza na aiza alehany. Momba ny fialana avy ao Laodikia ara-panahy ary ny fianarana ny ho tia an Andriamanitra amin'ny tena, ny fo, ny saina ary ny fanahy. Ireo taratasim-pitiavana ireo dia tsy hoe misy fiantraikany fotsiny amin'ny lafim-piainana rehetra ankehitriny, fa misy fiantraikany amin'ny hoavintsika manontolo!

Fotoana izao hivononana, satria ho avy tsy ho ela i Jesosy handray ny ampakariny.

## Taratasy 1 ho an'ny Vavaka Iraisana

### TEBOKA HIFANTOHAN'NY VAVAKA

*[Ireto hevitra  momba ny vavaka manaraka ireto dia natao mba hahafahanao manomboka fotsiny. Manentana anao izahay hijery ny andalan-tsoratra amin’ny Baiboly rehefa mivavaka ianao ary hangataka amin'ny Fanahy Masina hanoro anao izay tokony hivavahana.]*

**Fotoana fiderana - Fotoam-bavaka iraisana**

• Misaotra an'Andriamanitra fa Andriamanitra mihaino sy mamaly vavaka Izy. (Mat. 7: 7)

• Misaotra an'Andriamanitra fa tsy afaka mandainga Izy, ary ny Teniny tsy miverina Aminy foana. (Isaia 55:11)

• Misaotra an'Andriamanitra fa rehefa mangataka zavatra araka amin'ny sitrapony isika dia mihaino antsika Izy. (1 Jaona 5:14)

• Misaotra an'Andriamanitra noho ny fampanantenany lehibe sy sarobidy indrindra. (2 Pet. 1: 4)

• Misaora an'Andriamanitra fa tsy mila manam-pahaizana momba ny Baiboly isika vao hahatakatra ny marina. (2 Tim. 3:15)

• Misaotra an Andriamanitra noho ny famelana ny fahotana sy ny fandresena ao amin’i Jesosy. (1 Jaona 1: 9; 1 Kor. 15:57)

• Misaotra an'Andriamanitra noho ny hafatra mahafinaritra momba ny fahamarinana amin'ny finoana. (Rom. 3:26)

• Misaotra an'Andriamanitra noho ny fanomezana ny Fanahy Masina sy ny ranonorana farany amin’ny ho avy. (Joela 2:28)

• Misaotra an'Andriamanitra noho ny hafatry ny anjely telo izay nitondra antsika ho eo amin'i Jesosy, ilay Zanak'ondry. (Apok. 14: 4)

**Mivavaka Ho An'ny Voninahitr'Andriamanitra – Taratasim-Pitiavana Voalohany**

• Misaotra an'Andriamanitra noho ny hafatra mahafinaritrin'ny anjely voalohany hita ao amin'ny Apôk. 14: 6, 7.

• Misaotra an'Andriamanitra noho ny fanomezana mahagagan'ny filazantsara mandrakizay. (Apok. 14: 6)

• Misaotra an'Andriamanitra fa voavonjy isika noho ny fahamarinan'i Jesosy fa tsy noho ny antsika. (Rom. 1:16)

• Misaotra an'Andriamanitra fa vaovao mahafinaritra ho an'ny Kristiana ny fitsarana. (Apok. 15: 4)

• Misaotra an'Andriamanitra fa ny Mpamorona antsika dia Mpanavotra Marina ho antsika ihany koa. (Isaia 43: 1)

• Mangataka an'Andriamanitra mba hanaisotra ny tahotra ny fitsarana ary hanampy antsika hitoetra ao Aminy. (Sal. 61: 2)

• Mangataka an'Andriamanitra mba hanome antsika sofina sy fo hahaly handray ny dikan'ity taratasy voalohany ity. (Apok. 14: 6)

• Mangataka an'Andriamanitra mba hamela antsika noho ny fitiavan-tena sy ny avonavona, na dia ny avonavona ara-panahy aza. (Prov. 16:18)

• Mangataka an'Andriamanitra mba hamela antsika noho ny fahatahorana zavatra hafa fa tsy ny fahatahorana azy. (Apok. 14: 7)

• Mangataka an'Andriamanitra mba hanampy antsika hiaina ho voninahiny amin'ny lafiny rehetra eo amin'ny fiainantsika. (1 Kor. 10:31)

• Mangataka an'Andriamanitra mba hanampy antsika hanaja ny Sabatany, izay fahatsiarovana ny Famoronana. (Apok. 14: 7)

• Mangataka an'Andriamanitra mba ho hitantsika marina tokoa ny fitiavan'i Jesosy an'ireo mpanaraka Azy izay navotany. (Apok. 14: 1

**Mivavaka Mba Hivoaka An'i Babylona Ary Hiverina Amin'ny Baiboly – Taratasim-Pitiavana Faharoa**

• Misaotra an Andriamanitra fa tena tia antsika Izy ka miantso antsika hiala amin'ny fisafotofotoana/fahadisoan-kevitra ara-panahy. (Apok. 14: 8)

• Misaotra an'Andriamanitra noho ity taratasim-pitiavana faharoa ity izay mitondra antsika eo amin'ny Tenin'ny fahamarinana. (Jaona 17:17)

• Misaotra an'Andriamanitra nanome antsika ny Teniny mba hahafahantsika mitarika ny hafa hanatona Azy. (Efes. 5:26)

• Mangataka an'Andriamanitra mba hamela antsika noho ny tsy firaharahiantsika ny hafatry ny anjely faharoa. (Apok. 14: 8)

• Mangataka an'Andriamanitra mba hamela antsika noho ny tsy firaharahiantsika ireo taratasim-pitiavany marobe ao amin'ny Teniny. (Mat. 13:15)

• Mangataka an'Andriamanitra mba hamela ny helontsika noho ny hakamoana sy ny tsy fitadiavana Azy amin'ny fo manontolo. (Jer. 29:13)

• Mangataka an'Andriamanitra mba hamela antsika noho ny tsy fanokanantsika fotoana miaraka Aminy isan'andro. (Isaia 50: 4)

• Mangataka an'Andriamanitra mba hanampy antsika hahita fahafinaretana marina isan'andro amin'ny fianarana ny Teniny. (Jer. 15:16)

• Mangataka an'Andriamanitra mba hanampy antsika hanorina ny fanapahan-kevitra rehetra ataontsika hifototra amin'ny Teniny. (Isaia 8:20)

• Mangataka an'Andriamanitra mba hanampy antsika hitolo-batana sy hanaraka tsara ny fahamarinana ao amin'ny Baiboly. (Jak. 1:22)

• Mangataka an'Andriamanitra mba hanome antsika hery hiala amin'ny fampianaran-diso rehetra. (2 Tim. 4: 3)

**Mivavaka Ho An'ny Toetra Mahatoky Sy Ny Fankatoavana An'andriamanitra – Taratasim-Pitiavana Fahatelo**

• Misaotra an'Andriamanitra noho ny antsom-pitiavany sy famindram-po atolony ao amin'ny hafatra fahatelo. (Apok. 14: 9-12)

• Misaotra an'Andriamanitra fa momba antsika ny Mpisolovava sy Mpitsara antsika ary miady ho antsika. (Isaia 33:22)

• Misaotra an'Andriamanitra noho ny fanomezana ny Sabatan'ny andro fahafito, androny masina natao hivavahana (Eks. 31:16)

• Mangataka an'Andriamanitra mba hanampy antsika hanaja ny Sabatan'ny andro fahafito, na dia hatramin'ny fahafatesantsika aza. (Mat. 5:10)

• Mangataka an'Andriamanitra mba hanampy antsika hijoro ho matanjaka sy hiankohoka Aminy irery. (Apok. 14: 9-12)

• Mangataka an'Andriamanitra mba hametraka eo amintsika ny tombo-kaseny fa tsy ny marik'i satana. (Apok. 7: 2, 3)

• Mangataka an'Andriamanitra mba hiaro antsika am-pitiavana amin'ny fahatezerany ho avy (Apok. 14:10)

• Mangataka an'Andriamanitra mba hanome antsika fitsaharana sy fiadanana raha mikorontana sy mitebiteby ny ratsy fanahy manodidina antsika. (Apok. 14:11)

• Mangataka an'Andriamanitra mba hanome antsika ny finoana sy ny faharetan'ny olona masina. (Apok. 14:12)

• Mangataka an'Andriamanitra mba hanampy antsika hamantatra ny fahamarinana mba tsy ho voafitaka ara-panahy isika. (Marka 13:22)

• Mangataka an'Andriamanitra mba hanomana antsika ho amin'ny ranonorana farany sy amin'ny fiaviany tsy ho ela. (Joela 2:28)

• Mangataka an'Andriamanitra mba hanampy antsika handinika ny bokin 'i Daniel sy ny Apokalipsy eo am-piomanana amin'ny andro farany. (Apok. 1: 1-3)

• Mangataka an'Andriamanitra mba hanampy antsika hahafantatra marina ny dikan'ireo hafatra telo ireo. (Apok. 14)

• Mangataka an'Andriamanitra mba hanome antsika herim-po hizara amim-pahasahiana ireo hafatra telon'ny fitiavana. (1 Pet. 3:15)

## Taratasy 2 ho an'ny Vavaka Iraisana

# TENY FIKASANA MAHERY VAIKA MOMBA NY VAVAKA

*[Teny Fikasana Nangonina avy tamin'ny Baiboly*
*sy Teny Notsongaina avy tamin'ny Fanahin'ny Faminaniana)*

"Fikiro àry ny teny toy ny ravin'ny hazon'aina: ' Izay manatona Ahy dia tsy mba holaviko mihitsy. 'Jaona 6:37. Raha manatona Azy ianao dia minoa fa manaiky anao Izy, satria efa nampanantena izany. Tsy ho very na oviana na oviana ianao raha manao izany - sanatria" *(Tanamasoandron'ny Fahasalamana, p. 44).*

"Efa nomen'ny herin'Andriamanitra ho antsika ny zavatra rehetra momba ny fiainana sy ny tone-panahy araka an'Andriamanitra amin'ny fahalalana Ilay niantso antsika tamin'ny voninahiny sy ny fahatsarany; ary izay no nahatanterahany amintsika ireo teny fikasana sady soa no lehibe indrindra, mba ho tonga mpiray amin'ny fomban'Andriamanitra amin'izany ianareo rehefa afa-nandositra ny fahalotoana izay eo amin'izao tontolo izao noho ny filàna" (2 Pet. 1: 3, 4).

"Izay rehetra manokana ny tenany sy ny fanahiny ho an'Andriamanitra dia handray mandrakariva ny fanomezana vaovao amin'ny hery ara-batana sy ara-tsaina. Azony baikoina ny tahirin'ny lanitra tsy mety ritra. Omen'i Kristy azy ny fofonain'ny Fanahiny, dia ny ainy mihitsy. Mamoaka ny heriny ambony indrindra ao am-pony sy ao an-tsainy ny Fanahy Masina. . . . Tanteraka ao Aminy izy amin'ny alalan'ny fiaraha-miasa amin'i Kristy ka atao afaka manao ny asan'Ilay manana hery rehetra izy ao amin'ny fahalemen'ny maha-olombelona azy *"(IFM, p. 887).*

«Raha ny oloko izay nantsoina amin'ny anarako ho avy hanetry tena ka hivavaka sy hitady ny tavako ary hiala amin'ny ratsy fanaony, dia hihaino any an-danitra Aho ka hamela ny helony ary hahasitrana ny taniny "(2 Tan. 7:14).

""Rehefa afa-po amin'ny zavatra madinika ny fiangonana dia tsy ho afaka handray ny zavatra lehibe avy amin'Andriamanitra" " (*Home Missionary, 1 Nov 1893*).

"Mangataha ranonorana avy amin'i Jehovah ianareo amin'ny andro fara-orana, dia avy amin'i Jehovah Izay manao ny helatra. Ranonorana mivatravatra no homeny azy, eny samy homeny ny zava-maitso any an-tsaha ireny. "(Zak. 10: 1).

"Ny firotsahan'ny Fanahy Masina amin'ny fiangonana dia andrandraina toy ny amin'ny ho avy; nefa tombontsoa ho an'ny fiangonana ny manana izany ankehitriny. Katsaho izany, mivavaha ho amin'izany, minoa izany. Tsy maintsy manana izany isika, ary ny Lanitra dia miandry mba hanome izany"(*Review and Herald, 19 martsa 1895*).

Koa raha ianareo, na dia ratsy aza, mahalala hanome zava-tsoa ho an'ny zanakareo, tsy mainka va ny Ray any an-danitra no hanome ny Fanahy Masina ho an'izay mangataka aminy? (Lioka 11:13).

“Hitolona amin'Andriamanitra amin'ny alalan’ny vavaka ve isika? Handray ny batisan'ny Fanahy Masina ve isika? Izany no ilaintsika ary tokony hananantsika amin'izao fotoana izao. . . . Raha mandeha am-panetren-tena miaraka amin'Andriamanitra isika, dia hiara-mandeha amintsika Andriamanitra ”(*Pray, p. 87*).

«Raha misy roa aminareo no MIFANAIKY ety ambonin’ny tany na amin'inona na amin'inona ka hangataka izany, dia HO AZONY avy amin’ny Raiko Izay any an-danitra izany. Fa na aiza na aiza no iangonan'ny roa na telo amin'ny anarako, dia eo afovoany Aho ” (Mat. 18:19, 20).

“Ny fitahiana lehibe indrindra azon'Andriamanitra omena ny olona dia ny fanahin'ny vavaka an-kitsim-po. Misokatra eo anoloan'ny olona vonton’ny vavaka ny lanitra manontolo. . . . Ireo masoivohon'i Kristy dia hanana fahefana eo amin'ny olona rehefa mankeo amin' Andriamanitra miaraka amin'ny fitalahoana an-kitsim-po izy,”(*Prayer, p. 83).*

"Ary izao no fahasahiana ananantsika eo anatrehany: raha mangataka zavatra araka ny SITRAPONY isika, NA INONA NA INONA angatahintsika, dia mihaino antsika Izy" (1 Jaona 5:14).

"Izay rehetra noraisin'i Kristy tamin'Andriamanitra dia mety ho azontsika koa. Avy eo manontany dia mandray. Amin’ny finoana fenofaharetana nananan'i Jakôba sy amin'ny fikirizana tsy metysasatra to amin'i Elia, takio ho anao izay rehetra efa nampanantenain' Andriamanitra "(HF, p. 122).

"Ary NA INONA NA INONA angatahinareo amin'ny fivavahana atao amin’ny FINOANA dia ho azonareo" (Mat. 21:22).

"Ny fivavahana sy ny finoana dia afaka hahavita zavatra izay tsy azon’ny hery eto ambonin'ny tany tanterahina" (*Tanamasoandron’ny Fahasalamana, p.431*).

«Fa hahazo hery ianareo amin’ny hilatsahan’ny Fanahy Masina aminareo; ary ho vavolombeloko. . . hatramin’ny amin'ny faran'ny tany ”(Asa. 1: 8).

“Raha mila hery ianao dia afaka hanana izany; miandry ny drafitra ataonao izany. Minoa fotsiny an 'Andriamanitra, raiso amin'ny Teniny Izy, miasà amim-pinoana, dia ho tonga ny fitahiana ”*Prayer, p. 84).*

"Ao Aminy no miaraka aorina koa ianareo ho fonenan'Andriamanitra amin'ny Fanahy" (Efes. 2:22).

"Tsy misy fetrany ny soa mety ho vitan’ny olona iray izay manadino ny tenany, ka manome malalaka ny Fanahy Masina hiasa amin’ny fony sy ny fiainany voatokana tanteraka ho an'Andriamanitra" (*Christian Service, p. 254).*

"Fa izao no lazain'Iray Avo sy manerinerina Izay monina mandrakizay, Masina no anarany: ao amin'ny fitoerana avo sy masina no onenako, ary ao amin'ny Kivy sy Ketraka fo sy manetry tena, hamelombelona ny fanahin'ny manetry tena sy hamelombelona ny fon'ny Kivy sy Ketraka fo "'(Isa. 57:15).

"Ny fanahy izay mahatsapa ny ilainy dia tsy mitana na inona na inona. Azony atao ny manatona tsy misy fepetra an'Ilay itoeran'ny fahafenoana rehetra " (*IFM, p. 313*).

"Ny fanatitra ho an'Andriamanitra dia fanahy Kivy sy Ketraka; ny fo Kivy sy Ketraka sy mangorakoraka, Andriamanitra ô, tsy mba ataonao tsinontsinona." (Sal. 51:17).

"Ny fandresena lehibe indrindra azon'ny fiangonan'i Kristy na azon'ny Kristiana tsirairay avy dia tsy mba vokatryny talenta, na ny fitaizana, na ny harena, na ny tombontsoa avy amin'ny olombelona tsy akory; fa vokatry ny ny fivavahana mangina teo anatrehan' Andriamanitra tamim-pinoana miredareda sady tsy azo hozongozonina izay mamihina mafy ny herin'ny Tsitoha. "(*Patriarka sy Mpaminany, p. 198*).

"Tsy manana ianareo satria tsy mangataka" (Jak. 4: 2). "Mandraka ankehitriny dia tsy mbola nangataka na inona na inona tamin'ny anarako ianareo. Mangataha dia hahazo ianareo, mba ho tanteraka ny fifalianareo" (Jao. 16:24).

"Isan'ny soritrtr'asa nataon'Andriamanitra ny hanome antsika, ho valin'ny vavaky ny finoana, izay tsy ho natolony raha tsy nangatahintsika " (*Hery Mifanandrina, p. 546*).

"Raha MIRAY Amiko ianareo ka mitoetra ao anatinareo ny teniko, dia angataho izay tianareo na inona na inona, fa HO TONGA aminareo izany" (Jaona 15: 7).

"Raha maniry hahalala sy hanao ny sitrapon'Andriamanitra isika, dia tanterahina ho antsika ny teny fikasany" (*From Heaven With Love, p. 166)*.

«Raha amin'ny olona dia zavatra tsy hainy izany, fa tsy mba tahaka izany amin' Andriamanitra; fa hain'Andriamanitra ny ZAVATRA REHETRA. "(Marka 10:27).

" Tsy afaka manakana ny asan'Ilay manana ny hery rehetra ireo zavatra tsy hain'ny nofo " (*IFM, p. 570*).

"Koa mifaneke heloka ianareo, ary mifampivavaha mba ho sitrana ianareo. Ny fiasan'ny fivavaky ny marina dia MAHERY indrindra "(Jak. 5:16).

"Ny antso mankany any an-danitra ataon'ny olo-masina manetry tena indrindra dia atahoran' i Satana mihoatra ny didy na ny baikon'ny mpanjaka" (*In Heavenly Places, p. 82)*.

"Sambatra kosa izay tsy nahita nefa nino" (Jao. 20:29).

"Tsy misy atahorana ny amin'ny hoe hanaovan'ny Tompo an- tsirambina ny fivavahana ataon'ny vahoakany. Ny atahorana dia sao ny fakam-panahy sy ny fitsapana hahakivy azy ireo ka ho diso tsy haharitra amin'ny fivavahana izy" (HF, p. 147).

"Fa ny mason'i Jehovah mijery eny tontolo eny eran'ny tany rehetra, mba hisehoany AMAN-KERY hamonjy izay manana fo mahitsy Aminy" (2 Tan. 16: 9).

"Nanao antoka ny voninahitry ny seza fiandrianany ho fahatanterahana ny teniny tamintsika Izy" *(Henoinareo ny Fanoharana, p. 121*).

"Ary ho an'izay mahay manao mihoatra noho ny zavatra rehetra, eny, mihoatra noho izay rehetra angatahintsika na heverintsika aza, araka ny HERINY [Heriny] izay miasa ato amintsika" (Efes. 3:20).

"Ny Tompo dia hanao mihoatra ny fanatanterahana ireo zavatra ambony indrindra andrasan' ireo izay mametraka ny fitokiany Aminy" (*My Life Today, p. 55*).

“Indrisy, Jehovah Tompo ! Indro, Hianao no nanao ny lanitra sy ny tany tamin’ny herinao lehibe sy ny sandrinao nahinjitra. TSY MISY zava-mahagaga izay tsy hainao” (Jer. 32:17).

“Tsy ireo fahaiza-miasa anananao ankehitriny na mbola mety ho azonao no hanome anao fahombiazana fa izay azon'ny Tompo atao ho anao. Tokony ho kely mihitsy ny fitokisantsika izay azon'ny olona atao, fa ny fitokisantsika izay azon'Andriamanitra ho an'ny fanahy mino kosa dia tokony ho be lavitra. Iriny indrindra ny hikatsahanao Azy amin'ny finoana. Irriny indrindra ny hanantenanao zava-dehibe avy Aminy ”*(HF, p. 119*).

«Mangataha, dia homena ianareo; mitadiava, dia hahita ianareo; dondony, dia hovohana ianareo ”(Mat. 7: 7).

“Amin'ny fahatsoram-po, amin'ny hanoanan'ny fanahy, mitalahoa amin'Andriamanitra. Aoka hitolona amin'ireo iraka avy any an-danitra mandra-pahazoanao ny fandresena. Apetraho eo am-pelatanan'ny Tompo ny maha-ianao manontolo, ny fanahinao, ny tenanao ary ny fanahinao, ary manapaha hevitra ny ho tonga fitaovany feno fitiavana sy fanoloran-tenaa, atosiky ny sitrapony, fehezin'ny sainy, feno ny Fanahiny ”(*Prayer, p. 75*).

"Ary izahay dia vavolombelon'izany zavatra izany, ary ny Fanahy Masina koa, Izay efa nomen'Andriamanitra ny manaiky Azy" (Asa. 5:32).

"Tsy mahavita na inona na inona ny olona raha tsy misy an’Andriamanitra, ary Andriamanitra dia nandamina ny drafiny mba tsy hanatanteraka na inona na inona amin'ny famerenana amin'ny laoniny ny taranak'olombelona raha tsy misy ny fiaraha-miasa eo amin'ny olombelona sy Andriamanitra. Ny ampahany takiana amin'ny olombelona ho tohanany dia kely tsy hita refy, kanefa ao amin'ny drafitr'Andriamanitra dia io ampahany io indrindra no ilaina hampahomby ny asa " *God's Amazing Grace, p. 319*).

"Izay tsy niaro ny Zanani-lahy, fa natolony hamonjy antsika rehetra Izy, tsy homeny antsika miaraka aminy maimaimpoana koa va ny zavatra rehetra?" (Rom. 8:32).

“Tsy maintsy mijery an'i Kristy isika; tsy maintsy manohitra toa izay nanoherany isika; tsy maintsy mivavaka toa izay nivavahany isika; tsy maintsy mijaly toa izay nijaliany isika, raha te-handresy toa izay nandreseny ”*(That I May Know Him, p. 34*).

“Andriamanitra tsy mba olona ka handainga, na zanak'olombelona ka hanenina. Moa efa nilaza va Izy ka tsy hefainy? Na efa niteny va Izy, ka tsy hotoviny? (Nom. 23:19).

“Minoa fotsiny ary miderà an'Andriamanitra dia mandrosoa. Efa akaiky ho tody ao an-trano isika izao…. Ento eo amin'ny teny fikasan'Andriamanitra ny entanao rehetra. Minoa fa tombon-tsoa ho anao ny mino ”(*Letter 31, January 1, 1887).*

"Fa isaorana anie Andriamanitra, Izay manome antsika ny fandresena amin'ny alalan'i Jesosy Kristy Tompontsika" (1 Kor. 15:57).